Ny Valosoa sy hadihady

Tsy amehana ara-pahasalama no mihatra fa amehana ara-politika

Sahiran-tsaina ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao satria ankoatry ny fahasahiranana ara-pihariana sy ara-pivelomana dia mampanahy be tokoa ny hoavin'ny taranaka eo amin'ny lafiny fanabeazana. Tsy ny ao amin'ny ambaratonga voalohany sy faharoa ihany fa hatrany amin'ny ambaratonga ambony mihitsy. Tsy mbola azo antoka ny fiafaran'izao fiparitahan'ny valanaretina covid-19 izao dia efa mandray fanapahankevitra ny mpitondra, fa tsy maintsy hisy ny fanadinana amin'ny volana septambra ho an'ny mpanala Cepe sy Bepc ary ny volana oktobra kosa ny bakalorea. Ny eny amin'ny Anjerimanontolo kosa dia any amin'ny volana martsa 2021 vao hanomboka ny taom-pianarana kanefa efa tamin'ny volana novambra 2019 no vita ny fanadinana ary tsy mbola fantatra ny vokatr"izany fanadinana izany. Arak'izany dia hihara-hiditra ao amin'ny taona voalohany ireo afaka bakalorea ny taona 2019 sy 2020. Niaraha- nahalala koa ny haavo lentan'ny bakalorea ny taona 2019 iny noho ny tranga fiparitahan'ny adina mialohan'ny vaninandrom-panadinana. Mbola hanahirana ihany koa ny amin'ity taona ity satria dia efa am-bolana maro no tsy nianatra ny mpianatra noho ity hamehana ity. Raha tena vonona niatrika izao, araka ny fanambaran'ny filohan'ny Repoblika tany am-boalohany, dia tsy ho toy izao ny toe-draharaha. Roa taona izany ny sehatry ny fanabeazana dia nijotso amin'ny farany ambany. Entina hampandriana adrisa etsy an-kilany anefa dia nanambara ny filohan'ny Repoblika, fa hanorina efitra fianarana "manara-penitra amin'arivony". Dehaka loatra koa izao kanefa raha tena mahafehy ny valanaretina dia tsy manao fivorian'ny filankevitry ny minisitra amin'ny alàlan'ny "visioconférence" ambonin'izany, azo inoana fa efa nisotro cvo daholo izy ireo, ka tsy tokony hisy hatahotra hamindra na hifindran'ny otrikaretina intsony satria sady fanefitra io no fanafana. Araka ny fanambarana tamin'ny alahady ihany dia miverina miasa daholo ny mpiasam-panjakana nanomboka ny alatsinainy lasa teo kanefa dia tsy fantatry ny mpitondra angamba, fa tsy manodidina ny minisitera iasany avokoa ny mpiasa rehetra ao, fa misy any Avaradrano, any Atsimondrano, sns… kanefa tsy misy fitateram-bahoaka mahazo miasa, .ankoatry ny fiara karetsaka ary tsy misy minisitera manana fiara fitondrana mpiasa izany. Ho an'ny mpiasa any amin'ny orinasa sy mpampianatra tsy miankina dia asaina mindram-bola, karama iray volana, ao amin'ny Cnaps izy ireo. Na tiana anefa na tsy tiana dia efa mahazatra antsika ny makatahaka izay ataon'ny firenena any ivelany amin'ny lafinjavatra sy toe-javatra rehetra kanefa ny any dia nanokana vola tsy toko tsy forohana nanampiana ny orinasa tsy miankina sy ny mpiasa tsy mandray karama. "Hahazo ireny fanampiana "tositosika" isan-karazany ireny hono na ny manana karnempokontany, na ny tsy manana koa aza, hoy ny filohan' ny Repoblika ary nirotsaka nanao fanisana ny olona isa-tokatrano hatramin'ny minisitra mihitsy aza, ary tokony ny talata teo no natomboka ny fizarana kanefa dia tsy mbola tanteraka izany. Tsapa fa fanapahan-kevitra ara-politika noho ny hamehana sy ny fitiavana miseho ho tena mandray andraikitra sy mitsinjo ny vahoaka tokoa no ataon'izao fitondrana izao, kanefa na tiana na tsy tiana dia fanararaotam-pahefana tsotra izao satria tsy mifandanja velively ny fanapahan-kevitra sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny vahoaka entina. Amin'ny fotoanan' ny hamehana tahaka izao tokoa mantsy dia manana ny fahefana rehetra hanao izay tiany atao ny mpitondra ary amin'ny alàlan'ny famoahana didim-panjakana (ordonnance) izany. Tsy niteraka firaisankina sy fihavanana ho an'ny vahoaka Malagasy velively ity valanaretina ity, fa mety fifankahalana sy fifandrafiana kosa satria mibahana sy manjaka loatra ny paikady politika eo amin'izay rehetra aroso ho tsy maintsy hajaina sy ankatoavina ary tanterahin'ny olompirenena.

Andry Tsiavalona

Fitantanam-pirenena

Mampiasa ny politikan'ny didy jadona ny fitondrana

Tsy adala na zaza ny vahoaka fa mahalala ny zava-misy amin'izao fotoana izao eo amin'ny politika apetraky ny fitondrana. Didy jadona no misy na dia ezahina sarontsaronan'ny mpitondra aza ny ataony ao anatin'izany. Eo ny "requisition", izay rantsana iray lehibe amin' ny politika fanaovan'ny fitondrana didy jadona izany. Tetika an-kolaka iray lehibe efa nampiasaina hatrany amin'ny androndry Lénine tany amin'ny Firaisana Sôvietika tamin' ny fotoan'andro izany, tamin'ny ady an-trano natrehiny rehefa nirodana ny fitondrana kapitalista, ka teo amin'ny fitondrana izy. Fialokalofana tsy hiseho hiharihary avy hatrany fa manao didy jadona ny fitondrana. Dia iarahamahita ny zava-misy eto amin'ny firenena ato anatin'izao hamehana arapahasalamana izao: tsy maintsy mamoaka ny vaovaon'ny fitondrana isaky ny atoandro ny haino aman-jery rehetra manerana ny Nosy, fa raha tsy izany dia hahazo sazy. Ny fifehezana ny haino aman-jery toy izany dia endrika didy jadona. An-tery no atao fa tsy fiangaviana fiaraha-miasa. Niaraha-nahalala tsara ny nanaovana ireo haino aman-jery tsy nanaraka izany tany am-piandohana.

Ankoatra izany, dia eo hatrany ny fampiasana mpitandro filaminana isaky ny mihetsika. Vao misy sokajin'olona na vondron'olona na fikambanana, sns… mikasa hanao hetsika ankalamanjana dia indreny tonga mialoha ny "emmoreg" miaraka amin'ny fitaovam-piadiana sy fiara maro. Na dia hetsika tena tokony ho zon'ilay manao hetsika aza dia andefasana mpitandro filaminana hatrany. Iray lehibe amin'izany ny hetsiky ny sendikàn'ny mpiasa amin' ny orinasa tsy miankina hankeny amin'ny Cnaps Ampefiloha, hametraka sonian'ny mpiasa fotsiny, fa manana zo amin'izay hanaovana ny volany ao izy ireo. Izay fotsiny dia nandefasana "emmoreg", inona no olana amin'izany, f'angaha tsy volan'ireo mpiasa ireo no napetraka ao ? Voatery nankeny amin'ny primatiora indray izy ireo fa voasakana teny sy tsy noraisina teny amin'ny Cnaps. Avonavona indray sy tsy nivakiana loha izy ireo fa tsy mba nandray. Fitondrana inona izany, moa tsy fitondrana manao didy jadona?

Vao tamin'ny fiandohan' ity herinandro ity indray, nanaitra ny saina ny nahita ireo mpitandro filaminana marobe tonga teny Bel'air nanoloana ny vavahady misy ny foiben'ny antoko Tim sy ny foiben' ny Rodoben'ny Mpanohitra RMDM, izay nanatanteraka ny fikaonandohampirenena sy fanamarihana ny tsingerin-taona voalohany nijoroany. Ao amin' ny trano foibe misy azy izy ireo no mivory kanefa dia andefasana "emmoreg". Inona no atahorana sy anaovana karazana endrika ramatahora toy ireny? Fa moa tsy zon'ny RMDM ny mivory toy izany ao amin'ny foibeny? Izay nanaraka ny fepetra ara-pahasalamana. Fa izany toe-javatra izany tena endrika fanaovana didy jadona tanteraka.

Ny dikan'izany rehetra izany, tsy misy mahazo mihetsika mahery eo, fa eo am-pelatanan'ny fitondrana ny fahefana rehetra. Tsy misy mahazo maneho hevitra mitsikera sy manohintohina ny fitondrana, fa mety hiafara any am-ponja. Saika feno fatahorana izany ny vahoaka Malagasy ary miahotra amin'ny fanehoankevitra. Rehefa tonga sy mitoetra ao anatin'izany ny toe-tsaim-bahoaka dia manao didy jadona izany ilay fitondrana. Voahosihosy ny demôkrasia ankehitriny fa tsy misy fahalalahana izany eto. Soa fa eo ny vovonan'ny mpanohitra RMDM mitarika ny maro mba ho sahy fa firenena iombonana ity Madagasikara ity ary tsy avela hisoka any amin'ny fahapotehana toy izany. Ny mpitondra rahateo nampindramin'ny vahoaka fahefana fa tsy tompony akory. Tsy nisy mafy toy ny FRS tamin'ny Repoblika voalohany, fa resin'ny hetsi-bahoaka ihany. Tsy nisy mafy toy ny RESEP tamin'ny Repoblika faha-2, fa naongan'ny vahoaka ihany ny Amiraly Ratsiraka. Ka tsy Rajoelina sy ny forongony akory no ho ela fanapahana eto, fa rehefa tonga ny fetra, rehefa tofoka ny vahoaka, mety handositra any ivelany ihany ity mpanongam-panjakana ity sy ny mpiara-dia aminy, any rahateo no tompoiny sy lalainy, fa tsy ny vahoaka Malagasy velively.

Sôh'son

TSY FAHAIZA-MITANTAN'NY MPITONDRA

Asa nandanian'andro sy volabe teo aloha, toy ny tsy misy aminy

Volabe no lany tamin'ny nanatanterahana ny fanisambahoaka niandreketan'ny Ivotoeram-pirenena misahana ny antontan'isa, na INSTAT taona vitsy lasa izay. Tsy fanisana fotsiny no natao tamin'izany fa niditra tamin'ny antsipiriany tamin'ny fiainan'ny isan-tokantrano antsipiriany mihitsy ary nisy aza ny nahasorena ny maro tao anatin'izany. Nambara avy eo fa eo ny isan'ny vahoaka Malagasy. Nisy ihany koa ny fanadihadiana nataon'ny teo anivon'ny FID, izay hizara ny vola fanampiana ho an'ny mponina lazaina ho marefo teny anivon'ny fokontany rehetra. Misy araka izany ny fahafantarana ny momba ilay vahoaka. Mbola nikorontana ihany anefa ny fanampiana ara-tsakafo na ara-bola ilay vahoaka tao anatin'ny fizarana satria tsy nisy ny lamina mazava tsara rindra. Ankehitriny nanatanteraka fanisana sy fanadihadiana tokantrano indray ny fitondrana ary nampiasaina avokoa ireo mpiasam-panjakana rehetra ary natao an-tery mihitsy ny fanetsehana azy ireo. Ny antony, tsy mahafapo ny vokatra azo tamin'ny fanisana samihafa rehetra natao tsy ahafahana miasa manatanteraka tsara sy mampizotra ara-dalàna ny fanampiana ireo vahoaka sahirana ara-pivelomana. Midika mazava loatra izany, fa very fotsiny ny volabe nampiasaina teo aloha rehetra, fa tsy ahafahana manatanteraka asa ara-tsosialy ara-dalàna goavana toy ny amin'izao fotoana izao. Na ihany koa tsy nivakian'ny fitondrana loha na tsy fantany ny fisiany, na tsy hainy mihitsy ny mampiasa izany vokatra efa nataon'ny INSTAT sy ny FID izany.

Amin'ny lafiny iray dia misy tsy mifandray na mifampitohy ny fomba fiasa eo anivon'ny fanjakana. Manana antontan'isa ny Instat, toy izany koa ny eny anivon'ny kaomina sy fokontany. Toy ny tsy misy anefa izany ho an'ny fitondrana satria miverina mijery ifotony ny isa sy ny zava-misy izy amin'izao fotoana izao. Fotoana lany izany satria tsy mahay miainga amin'ny antontan'isa fototra efa misy. Efa misy fahataràny koa sy tsy fahaiza-miàsa izany satria tokony vao mandray fitondrana any am-piandohana dia tokony ho efa eo am-pelatanana avokoa izany rehetra izany. Ny firenena sy ny vahoaka mila vola indrindra amin'izao fotoana izao. Vola tokony ho amin'izany lasa mankany aminjavatra hafa indray, izay nisy fanombohana na vavaasa, fa tsy hoe vao mamaky lay. Midika ho tsy fahaiza-manaon'ity fitondrana ity izany ary lesoka hita eo aminy. Mampisaina koa izany fa mbola hisy toe-javatra hafa mitovitovy amin'izao any amin'ny sehatra hafa efa nandanian'andro sy nandaniam-bola be, kanefa hodinganin'ity fitondrana Rajoelina ity fotsiny izao.

Sôh'son

TONONKALO

NY SARETY NO EO ALOHAN`NY OMBY ?

Ny sarety indray no aloha fa ny omby atao eroa afara ?
Izany foana ange no eto raha jerena ny tantara !
Atao ny fizaràna vary , ho an`olom-bitsy, ho fidedahana.
Avy eo vao :"iza ireo marefo ?", izay ilay endri-pamitahana !

Ny sarety indray no aloha fa ny omby atao eroa afara ?
Izany foana ve no fomba mahazatra ny mapara ?
`ndeha jereo ireo tetikasa izay natao nipoapoaka.
Efa miainga , izay vao hoe: "andeha hierana ny vahoaka".

Ny sarety indray no aloha fa ny omby atao eroa afara ?
Izany ve no hitantanana an`i Madagasikara ?
`Ndeha jereo ny colisée, natsangana mangina tao.
Tsy nisy izay mba fankatoavana ka miakatra ny hoe:"ravao"!

Ny sarety indray no aloha fa ny omby atao eroa afara ?
Izay ilay sarin-damasinina misosa tsy mandalo gara ?
Ny bontolo hatrany hatrany , izay no masaka ao an-doha,
Na efa tena tazana aza izatsy fasana mivoha !

Ny sarety indray no aloha fa ny omby atao eroa afara ?
Mba mihevera dia ilaozy ilay "toe-tsaina maramara".
Ratsy be ny "dia mianòtra" izay fanaon`ny fozaorana,
Ka diniho, mba tsy hanenenana, ny lala-mendrika hizorana.

Dadan'i Zina (11-08-20)